

## Le mythe d'Ibonia

*La Belle-Fortunée, femme du Prince-des-peuples, ne pouvant pas enfanter, décide de consulter le Grand-Voyant.*

La Belle-Fortunée s'en alla chez le Grand-Voyant.  
Et le Grand-voyant dit :

« Eh bien!

Je ne foule pas du pied le jeu divinatoire,  
je ne saisis pas à la main la ligne de chance,  
mais ce qui arrivera l'année qui vient,  
je le vois cette année-ci,  
et ce qui arrivera demain,  
je le vois aujourd'hui.

Sans que tu ouvres la bouche,  
je sais que tu es en quête d'enfant  
et que c'est cela qui t'afflige. (...)

Alors va jusqu'à la Pierre-mâle-aux-mille-angles.  
Là il y aura la foudre, il y aura les bêtes, il y aura  
toutes sortes de choses mortelles. Le remède  
d'enfant que tu prendras là-bas, ce sera une  
grosse sauterelle. »

La Belle-Fortunée se mit en route. Quand elle  
arriva près de la pierre, tornade, ouragan,  
météores, foudre, grêle et tous les cataclysmes  
possibles s'abattirent sur elle. (...) La Belle-  
Fortunée s'enfonça avec la pierre et prit la  
grosse sauterelle comme remède d'enfant. Alors  
les racines des arbres sur la surface de la terre  
se mirent à parler ; chacune disait : « C'est moi  
qui suis le remède d'enfant, c'est moi qui suis le  
remède d'enfant ! ». Une fois arrivée au lieu des  
remèdes d'enfant, à Transplantable-sans-flétrir,  
à Cultivable-sans-sécher, à Mille-aux-cornes-du-  
bouc et à Cent-dans-le-sein, la Belle-Fortunée  
pénétra dans la forêt pour prendre **la Pousse-  
unique**. Et quand elle arriva au sommet de **la  
Pousse-unique**, c'est la grosse sauterelle qui la  
saisit. Et la Belle-Fortunée s'en fut.

Ka dia lasa Rasoabemanana namonjy an-  
dRanakombe. Ka dia hoy Ranakombe :

« E lahy !

Tsy tongotro mandia alanana,  
tsy tanako mandray joria ;  
fa ny ho avy taona any  
hitako taona ito,  
ary ny bo avy ampitso  
hitako anio.

Ary fantatro fa  
na dia tsy miloa-bava aza bianoa,  
dia hila zaza no alehanao sy mahory anao. (...)  
Dia mandehana hianoa mankany  
amin'Ivatolahiarivozoro. Koa ny varatra ho ao, ary  
ny biby ho ao, ho ao koa  
ny zavatra mahafaty rehetra. Ary ny sompanga no  
ody zaza halainao ao. »

Ary dia nianga Rasoabemanana ho any. Ary nony  
tonga teo akaikin'ny vato Rasoabemanana dia  
nofinaoky ny rambondanitra sy ny rivotra sy ny  
soriba sy ny varatra sy ny havandra ary ny zavatra  
mahafaty rehetra. (...) Ka nilentika tao amin'ny  
vato Rasoabemanana naka ny sompanga natao  
ody zaza ; ka dia samy niteny tsirairay avokoa  
kosa ny vahitry ny hazo teo ambonin'ny tany  
rehetra ka nanao hoe : « Izaho no ody zaza, izaho  
no ody zaza. » Ary nony tonga teo amin'ny ody  
zaza Rasoahemanana, teo amin'Itsimalazoafindra  
sy Itsimainambolena sy Iarivoantandrokosa ary  
Izatoankibo, dia niditra any anatin'ny hazo  
Rasoabemanana haka an'**Itokambololona**. Ary  
nony tonga any an-tampon'**Itokambololona**  
Rasoabemanana, dia ny sompanga no nandray  
azy. Dia nandeha Rasoabemanana.

*Le Grand-Voyant envoûte ensuite la sauterelle pour qu'elle saute dans le ventre de la Belle-Fortunée et devienne un enfant. L'enfant, prénommé Ibonia, commence à parler dans le ventre de sa mère et ne vient au monde que dix ans plus tard. Il se met alors à la recherche de sa fiancée, La-plus-jeune-Epouse-et-Bénie, que le puissant seigneur Raivato a prise pour femme. Le prince Ibonia décide à son tour de consulter le Grand-Voyant.*

Ibonia se rendit chez le Grand-Voyant.  
« Que viens-tu donc faire ici Ibonia ? » fit le Grand-Voyant.  
Ibonia répondit :  
« Je n'ai qu'un seul ennui, Grand-Voyant, qui me rend malheureux, et c'est le mariage. Car ce malheur, cette calamité a pris ma femme ; et je veux aller reprendre La-plus-jeune-Epouse-et-Bénie, car, encore en germe (à peine conçu), je me suis fiancé à elle ; encore enfant, je l'ai épousée ; morte, je ne l'enfourirai pas en terre, vivante, je ne la donne à nul autre ».  
Le Grand-Voyant répondit par ses prédictions coutumières ; il dit : « Va donc là-bas, dans la forêt de l'est, prends avec toi un bœuf sacré à robe rouge, et entre dans la forêt : si le sanglier te coupe la route, n'avance plus, mais si c'est le faucon, avance. Tous les arbres de la forêt se mettront à parler et diront : "C'est moi qui suis **la Pousse-unique, le Seul-capable-d'exiler-de-la-terre**, c'est moi qui suis **le Rouge-crépu** !" Réponds-leur : "Imposteur ! ce n'est pas toi !" Et quand vous serez arrivé sur le lieu des talismans, il y aura fatalement une tornade, mais qui ne dira rien ; toi, parle alors et dis : "Si tu es **le Seul-capable-d'exiler-de-la-terre, la Pousse-unique et le Rouge-crépu**, arrête ce vent, renverse ce bœuf sans la corde, et allume le feu pour rôtir le bœuf ; et si vous devez me bénir et m'être utile, mettez-vous en collier et venez vous placer en talismans sur mes épaules".  
Après cela, dit le Grand-Voyant, quand ils auront accompli tout ce que tu leur auras commandé, alors, Ibonia, vu au bord de l'eau, et quand le soleil se couchera, plonge entièrement dans l'eau avec les talismans : si tu peux n'en sortir qu'au retour du jour sous les feuillages, tu auras gagné ta femme, Ibonia ; mais si tu n'en es pas capable, n'y va pas, tu ne l'auras pas : Raivato te tuera. »

Ary dia lasa Ibonia nankany amin-dRanakombe.  
« Akory àry ny halehanao, ry Ibonia ? » hoy Ranakombe.  
Ary dia, namaly Ibonia hoe :  
"Tsy manan-java-mahory aho, Ranakombe, fa izao no mahory ahy : ny fanambadiana ihany ; fa lasan' ilay loza, ilay antambo, ny vadiko, ka haka an' Imasaimananoro aho, fa nofonofoko faha tsaika (*vao torontoronina*), ary novinaliko faha kely ; ka maty, tsy airtro aman-tany ; velona, tsy omeko lahy. »  
Ary dia, namaly Ranakombe amin' izay vinany fanaony, ka nanao hoe : « Mandehana hianao amin' iny ala atsinanana iny, ka mitondrà omby mena tokam-bolo, ka dia midira ny ala ; koa raha sakanan' ny lambo hianao dia aza mandeha ; fa raha sakanin'ny hitsikitsika kosa hianao dia mandehana ; fa hiteny avokoa ny hazo rehetra ao an'ala ao ka, hanao hoe : "Izaho no **Itokambololona** sy **Itokamahasesitany** ary izaho no **Imenaringitra**." Dia valio hoe : "Tsy izy hianao fa mpihambo."  
Ary rehefa omby ao amin'ny ody hianareo, dia tsy maintsy hisy rambondanitra ny andro, fa tsy hiteny izy ; ary dia mitenena hianao hoe : "Raha hianao no **Itokamahasesitany** sy **Itokambololona** ary **Imenaringitra**, dia ampitsaharo ny rivotra, sy alavoy tsy amin-kofehy ny omby, ary areheto ny afo handorana ny omby ; ary mitohiza tena, ka misampaza atỳ amiko, raha hahasoa ka hahatsara."  
Ary rehefa vita izany, hoy Ranakombe, ka tanteraka avokoa izay ibaikoanao azy, dia mankanesa, eo amoron-drano hianao, ry Ibonia ; ka raha milentika ny masoandro, dia misitriha ao anaty rano hianao sy ny ody, fa raha maharitra mandra-piambohon-dravina ny andro hianao vao mitranga, dia azonao ny vadinao, ry Ibonia ; ary raha tsy haharitra izany hianao, dia aza mandeha, fa tsy hahazo azy, fa ho fatin'Ivato hianao. »

Ibonia partit, emmenant le bœuf sacré à la robe rouge. Parvenu à l'orée de la forêt, il parla et fit : « Si ma démarche en ces lieux ne m'est pas bénéfique, que file le sanglier ; mais si c'est pour mon bien, que file le faucon ! » Et ce fut le faucon qui lui coupa la route. Quand il entra dans la forêt, les arbres parlèrent disant : « Moi, je suis **le Rouge-crépu** » ; d'autres disaient : « Moi, je suis **le Seul-capable-d'exiler-de-la-terre** » ; d'autres encore : « Moi, je suis **la Pousse-unique** ». Mais Ibonia disait : « Mais non, tous des imposteurs ! » Quand Ibonia parvint au **Rouge-crépu**, le vent se leva, les arbres s'agitèrent ; Ibonia parla et dit « Si tu es bien **le Rouge-crépu**, renverse ce bœuf sans utiliser la corde, et allume le feu pour rôtir le bœuf ; mets-toi en collier et viens te placer en talisman sur mes épaules. Et si tu dois me bénir et m'être utile, vous, les feuilles de cet arbre qui restez du collier, bourrez-vous dans le bœuf. » Et ce qui restait du collier se bourra dans la panse du bœuf. Il dit à nouveau : « Si vous devez me bénir et m'être utile, que chacun reprenne sa place. » Et tout ce que disait Ibonia, les talismans l'exécutèrent.

Alors Ibonia gagna le bord de l'eau et il attendit là que le soleil se couche ; à l'instant où le soleil s'enfonçait, lui aussi s'enfonça dans l'eau avec les talismans, et il y resta jusqu'au retour du jour sous les feuillages, avant d'en resurgir. (...)

*Armé de ses talismans, Ibonia décide de détruire ceux de son ennemi, avant de l'affronter.*

Pour découvrir les talismans du seigneur Raivato, qui s'appelaient **Corps-invisible**, **Long-murmure** et **Feu-ardent**, Ibonia se changea en milan, mais il ne put trouver les talismans. Alors il se changea en chat, mais ne les trouva pas non plus. Finalement il se changea en courant d'air ; il trouva les talismans, il les souilla et les abîma en sorte qu'ils perdent toute efficacité. (...)

Ary dia lasa Ibonia nitondra ilay omby mena tokam-bolo. Ary raha tonga teo am-bavan'ala izy dia niteny hoe : " Raha tsy hahasoa ahy izao haveniko izao, dia mitsoriaha lambolahy ; ary raha, hahasoa ahy hiany kosa, dia mitsoriaha hitsikitsika. » Ary dia nisakana azy ny hitsikitsika. Ary nony niditra tao anaty ala izy, dia niteny ny hazo hoe : « Izaho no **Imenaringitra**. » Ary ny sasany nilaza hoe : « Izaho no **Itokamahasesitany**. » Ary ny sasany nanao hoe : « Izaho no **Itokambololona**. » Ary hoy Ibonia : « Tsy izy izany, fa mpihambo. » Ary nony tonga teo amin'**Imenaringitra** Ibonia, dia namelon-drivotra ny andro, fa niolaola ny hazo, dia niteny Ibonia ka nanao hoe : « Raha hianao àry no **Imenaringitra**, dia alavoy tsy amin-kofehy ny omby, ka ampireheto ny afo handorana ny omby ; ary mitohiza tena, ka misampaza etỳ amiko. Ary raha hahasoa ka hahatsara ahy àry hianao, dia mifatrara ao anatin'ny omby hianareo ravin'ity hazo ity izay sisa nitohizana. » Dia nifatrara tao an-kibon'ny omby ny sisa nitohizana. Ary hoy indray izy : « Raha hahasoa ahy ka hahatsara ahy, dia samia miverina indray amin'ny tany nitoerany. » Ary izay nolazain'Ibonia dia vitan'ny ody avokoa.

Ary dia lasa Ibonia nankeo amoron-drano ka niandry ny masoandro hilentika teo ; ary nony efa nilentika ny masoandro, dia mba nilentika tao anaty rano izy sy ny ody, ka naharitra mandra-piambohon-dravina ny andro vao nipoitra. (...)

Ary Ikonantitra dia nanjary papango, mba hitady ny odin-dRaivato, izay atao hoe **Itsihitavatana** sy **Imoimoilava**, ary **Iafobemirehitra**. Nefa tsy nahita ny odin-dRaivato izy. Ary dia nanjary ho saka izy, fa tsy nahita hiany. Ary koa niova ho zavatra maro ihany izy, fa mbola tsy nahita ny odin-dRaivato ihany. Fa nony farany dia nanjary ho rivotra izy mba hitady ny odin-dRaivato, ka dia hitany ny odin-dRaivato, ka novetavetainy sy nosimbany, mba hahafaty hasina azy.